MARIE STOPES MADAGASIKARA

# Nanome fanabeazana aizana maimaimpoana ho fanamarihana ny 8 martsa

Tsy andoavam-bola ny fanaovana fanabeazana aizana eny amin'ireo Ivon-toerana Marie Stopes, any amin'ny faritany 4: Toliara, Antsiranana, Toamasina, Mahajanga, ankoatra an'Antananarivo nanomboka ny 8 Martsa 2021, hatramin'ny 20 Martsa 2021 ho avy izao, ho fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy amin'ity taona ity. Fanentanana sy famporisihina ny vehivavy hanao ny fandrindram-piterahana no tanjon'ny hetsika, hoy i Ramatoa Razafinirina Lalaina « Country Director » ao amin'ny Marie Stopes, satria araka ny fanadihadiana nataon'ny Firenena Mikambana any amin'ireo Distrika 114 dia nahitana fihenana 2% ny tahan'ny tsy fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny fanatanterahana fandrindram-piterahana nandritra ny fihibohana ny taona 2020 lasa teo. Nanohy fanazavana ity « Country Director » ao amin'ny Marie Stopes ity, fa nahitana fandrosoana ara toekarena ho an'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina ny fanaovan'ny vehivavy fandrindram-piterahana, fa tsy mijanona intsony eo amin'ny tontolon'ny fahasalamana intsony.



*Ny tompon'andraikitra voalohan'ny Marie Stopes eto amintsika.*

Nanamafy ity tompon'andraikitra ity, fa ny vehivavy mampiasa fandrindram-piterahana dia tena mandray anjara amin'ny fampivoarana ny fiainam-pianakaviany, sy ny fiarahamonina no sady afaka misitraka ny vokam-pîrenena amin'ny andraikitra izay sahaniny. Nilaza Ramatoa Razafinirina Lalaina, fa manana safidy malalaka amin'ny fanapahan-kevitra horaisina amin'ny zavatra tiany hatao ny vehivavy manao fandrindram-piterahana, na eo anivon'ny tokantrano, na amin'ny fandrindrana fotoana hiterahana, na fisafidianana ny isan'ny zaza hateraka… Manana herijika hanarina ny fari-piainany ny vehivavy mampiasa fandrindram-piterahana hoy ihany ity tompon'andraikitra ao amin'ny Marie Stopes ity satria manana fijery lavitra amin'ny resaka fitantanam-bola, sy fampisambola ny vehivavy ary tsy manao ambanin-javatra eo amin'ny fikarakarana ny fahasalamany sy ny fahasalaman'ny zanany. Mahay misafidy ny laharam-pahamehana tokony hatao ny vehivavy manao fandrindram-piterahana hoy ihany Ramatoa Razafinirina Lalaina, rehefa misy ny olana sy ny trangana loza voajanahary ary rehefa ny fianam-pianakaviana no miarina dia mivoatra ny fiarahamonina ary mandroso ny firenena iray. Marihina fa hiakatra 77 000 ny isan'ny zaza hateraka amin' ity taona ity eto Madagasikara hoy ny fanadihadiana nataon'ny Firenena Mikambana, vokatr'izany hanitatra ny sahan'asany eo amin'ny fandraisana ny reny bevohoka sy ny fanarahamaso ny fahasalaman'ny zaza ateraka ny Marie stopes amin'ity taona 2021 ity, satria niakatra ny tahan'ny vohoka tsy nirina tamin'ny taona 2020 nohon'ny tsy fahavitrihan'ny vehivavy nampiasa fanabeazana aizana nandritra ny fihibohana.

**Franck Razakambelo**

Tolona Malagasy

# Tontosa ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara

Tontosa teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano tamin'ny sabotsy 06 martsa 2021 lasa teo, ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2020 amin'ny taranja Tolona, sady fanokafana ihany koa ny taom-pilalaovan 2021 ho an'ity taranja ity. Ny Federasiôna Malagasin'ity taranja ity, notarihan'ny filohany, Raveloson Mamitiana, no tompo-marika tamin'ny fikarakarana ny fifaninanana. Mpikatroka nahatratra 100 manerana ny nosy no niatrika ny fifaninanana, ka ireo mpikatroka roa voalohany tamin'izany dia nampidirina avy hatrany ho anisan'ireo mpilalao hiatrika ny fampivondronana hanomana ny "Tournoi Qualificatif Afrique-Océanie des Jeux Olympiques", sy ny "Championnats d'Afrique" ho tontosaina any Marrakech Maroc amin'ny 1, ka hatramin'ny 12 aprily 2021 ho avy izao. Hanomboka amin'ity herinandro ity io fampivondronana io, izay azo antoka fa hianoka amin'ny fanampiana mavitriky ny ministeran'ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy. Santionam-bokatra azo tamin'izany : Séniors dames - 57 kg : Emma (Cosfa) nandresy an'i Malala (Cospn). Séniors hommes -57 kg : Bienvenu (Cospn) nandresy an'i Chistophe (Cospn) -70 kg : Arsène (Cosfa) nandresy an'i Todisoa (Rossary) -92 kg : Antonio ( Cosfa) nandresy an'i Backir (Cosfa).

**Rainilita**




*Tolona teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano.*

Taranja Tsipy kanetibe Malagasy

# Havaozina ny mpitantana ny federasiona tsipy kanetibe FSBM

Fantatra tamin'ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny mpikambana FSBM, na ny "Fédération du Sport Boule Malagasy" ankehitriny, teny amin'ny Motel Anosy tamin'ny zoma lasa teo, fa ho tanterahina amin'ny 10 aprily 2021 ho avy izao ny fifidianana izay ho filoha vaovao hitantana an'ity rafitra ity, ka nanomboka omaly alatsinainy 08 matsa 2021 ny fanaterana ny antontan-taratasy ilaina amin'izany any amin'Andriamatoa Randriamaro Mihaja Dollys filohany am-perinasa. Voamarika teny amin'ny Motel Anosy tamin'io zoma io, fa ireo olom-pirenena mizaka ny zom-pirenena Malagasy ary manana ny "licence" eo anivon'ny FSBM ihany no afaka miatrika an'izany fifidianana izany. Ireo filohana ligy miara-miasa amin'ny FSBM kosa no afaka mifidy an'izany filoha vaovaon'ny FSBM izany. Ny fifidianana an'ireo filohana ligy kosa dia ho tanterahina amin'ny faha-27 martsa ho avy izao. Fantatra tamin'io valan-dresaka teny amin'ny Motel Anosy io ihany koa, fa efa tafapetraka eny anivon'ny MJS ny lalam-pifidianana hampiharina amin'izany fifidianana izany. Marihana fa izao fifidianana izao no natao dia noho ny fe-potoanan'ity rafitra FSBM ity efa tapitra tamin'ny volana septambra 2020 lasa teo, sy mba hahafahan'ny Malagasy miatrika ihany koa ny fifaninanana iraisam-pirenena amin'ny taranja tsipy kanetibe.

**Rainilita**



*Mpikambana FSBM teny amin'ny Motel Anosy.*

Antsiranana

# Tsy misy fitaovana ny Lycée Manara-penitra



*Vita ny trano fianarana nefa tsy misy ny fitaovana.*

Tsy misy fitaovana ny Lycée Manarapenitra any Antsiranana, renivohitry ny faritra Diana. Noho izay antony izay, novoriana tao amin'ny EPP Scama tany Diégo ny faran'ny herinandro maraina teo, ireo ray aman-drenin'ny mpianatra. Voaresaka tamin'izany ny hanaovana latsakemboka, na cotisation hataon'ny mpianatra sy ny ray aman-dreny, hividianana fitaovana ho an'ny sekoly, hanakaramana ireo mpampianatra fanatanjahantena, na EPS, sy ny taranja Malagasy ary Tantara, na Histoire, ho an'ny kilasy Terminale, ao amin'ity Lycée Manara-penitra any amin'ny renivohitry ny faritra Diana ity. Ankoatra izany, tsy misy ihany koa ny taratasy iasana, tsy misy ny ordinatera iasana, ny mpianatra no miantoka ireo polycope amin'ny lesona samy hafa. Nizarazara ny hevitry ny ray aman-dreny tamin'izao ho fakam-bola tamin'izy ireo izao, ka maro no lasa nody nandritra izany fivoriana izany.

**Niaina**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny rehetra mety hiantefany izao manaraka izao : hafahafa avokoa izay mikasika anareo amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao :

-ny drône-nareo dia sary hafa mihitsy no hitany, ka lasa olona vitsy ny vahoaka marobe,

-ny basinareo raha anaovana tifi-danitra dia fe sy tratra no voany,

-ny mpanohana anareo dia tsy misy sahy miseho, fa miafina anaty compte fake amin'ny facebook,

-ny mandroso aminareo dia faharoa amin'ny farany eran-tany.

Gravy, tsy mbola nisy tao anatin'ny 60 taona ny toy izany.

Dia gaga sy talanjona mihitsy ny tena, manadondrona olona izy ireo nefa izy ihany no manabaribary ny hadondronany. Izany no hoe: "le monde à l'envers ! »

-Ny miakanjo fotsy @ nareo dia olom-banona daholo.

-Ny vary 3000 Ar kg lazainy fa 1500 Ar, menaka 7000 Ar no 4000 Ar aminy, aiza ary izy zany. Tena fitondrana tranon-dainga. Ankoatra izany, fa misy inona any Digo, sa mety ihany ilay haroso aloha ny fifidianana dia manomana propagande, tsy maintsy ho avy any mantsy rehefa propagande . Aza maika fa tsy misy tratra 2023 zany eo f'efa kely sisa!

**Mamonjy Ny Rina**
**Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao**